## Fanotofana an'i Betsimitatatra
# Barofo no hataon'ny mpitondra 7


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 6 Jolay 2019 | Laharana 927 | Vidiny : **400 Ar**


Jehovah, Madagasikara 03 jolay 2019, hafatra manokana ho an' ny Barea sy ny malagasy 5


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


## Barean'i Madagasikara 5
# Manana riziky hiakatra amin'ny ¼-dalana



## Antoko TIM 2
# Mila fanavaozana manokana ny lisi-pifidianana



### FANAMBADIAN'NY SAMY LAHY NA SAMY VAVY 2
## Toherin'ny FFKM hatramin'ny farany



### Resaka fanajariana ny tany 2
## Vaky ny ady eo amin'i Hajo sy Raholdina

### OTIV Boeny 5
## Mbola tsy tanteraka ny fampanantenan'i Andry Rajoelina

### Boriboritany voalohany (CUA) 5
## Nanatanteraka mariazy faobe ara-panjakana

### Daka kely
Fahafiry amin'ilay «VELIRANO» moa ilay fanahazan-damba ry Boaikely a !

### Mpanadio tanànan'ny Boriboritany 6 4
## Niara-nientana nanao fanadiovana faobe ireo mpiasa miisa 600 eo



ANTOKO TIM

# Mila fanavaozana manokana ny lisi-pifidianana

Maro loatra ny tsy fahatomombanana tamin'ny fifidianana filohampirenena sy solombavambahoaka natao teto Madagasikara teo. Manoloana izany, mbola miala nenina hatrany ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), mba hisian'ny fitoniana ara-politika eto amin'ny firenena. Nisy araka izany ny fihaonana tamin'ny tompon'andraikitry ny CENI teny amin'ny foiben-toerany teny Alarobia omaly zoma, izay notarihin'ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM Olga Ramalason, mba hijerena akaiky ny vahaolana hisian'ny fifidianana malalaka hanjakan'ny fahamarinana sy eken'ny rehetra lavitry ny halabato sy kolikoly eto amin'ny firenena. Lesoka maro no hita tamin'izany teo amin'ny lisi-pifidianana. Tao anatin'izany no nisian'ny karapanondro marobe mitovy amin'ny anaran' olona samihafa. Teo ny fampiasàna ny fitaovampanjakàna nataon'ireo manana fahefàna, ary hita miharihary izany satria ny filohampirenena mihintsy no manao fampielezan-kevitr'ireo kandida natolony. Misy ireo rantsa-mangaikan'ny CENI izay tsy mipetraka amin'ny maha neutre, na tsy momba ny atsy na ny aroa azy, fa mitanila any amin'ny kandida, sns… Manoloana izany, nangata-panazavàna tamin'ny CENI ny antoko TIM, sady nanome soso-kevitra ihany koa mba tsy hiverina intsony ny zavatra tsy nety tamin'ny fifidianana nifanesy teo. Nisy araka izany ny soso-kevitra natao ny hisian'ny fanavaozana manokana na révision spéciale ny lisi-pifidianana, satria tao no tena nampiova ny safidim-bahoaka.



*Ny solontenan'ny antoko TIM teny amin'ny CENI Alarobia notarihan'iOlga Ramalason, Sekretera Jeneralin'ny antoko TIM;.*

***Helisoa***




*Ireo depiote TIM, mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena vaovao.*

Resaka fanajariana ny tany

# Vaky ny ady eo amin'i Hajo sy Raholdina

Mila miala ny Minisitry ny fanajariana ny tany, Hajo Andrianainarivelo, sady filohan'ny antoko MMM mpiara-dia amin'ny mpitondra, raha ny fahitan'ny filohan'ny Fafi 5, Naivo Raholdina sady mpanohana fatratra an'i Andry Rajoelina, no depioten'ny Boriboritany faha-5 azy. Tsy mitsinjo ny vahoaka io ministeran'ny fanajariana ny tany io, raha adika tsotra ny heviny. Marihana fa samy ao anatin'ny vovonana IRD izy ireo izao mifanipaka an-karona izao. Tsy mbola maina akory ny ravina nihinanana dia izao miady sy tsy mitovy hevitra izao sahady. Tsy mbola amperin'asa koa ny solombavambahoaka dia efa manangam-bovona, mitady hirika hanilihana ny namany. Ilay minisitra tsy be teny firy loatra raha oharina amin'ny ankilany fa ny zava-misy dia ny hoe : tsy miady tsy miady fa ny kibay an-kelika ihany. Mety hisy ny hilaza fa ny fanaovana politika tsy hananan-kavana na namana fa rehefa vandana dia kary. Marina amin'ny ampahany izany, fa misy koa mieritreritra, fa indrindra ireo mpanara-maso, ity raharaha ity, fa misy tetika hafa ketrehina ao ambadika, toy ny hoe : te ho lasa minisitra ingahy depiote dia avy eo miakatra ho azy eny Tsimbazaza ny lisitra faharoany, ho lasa solombavambahoaka, tsy iza fa ny andefimandriny ihany. Izay no fahitan'ny ankilany ny toe-draharaha. Mety azo heverina ihany koa fa tetika fanaovana politika politisianina io niniana natao io, mba handrebirebena ny sain'ny vahoaka efa lanaky ny fitadiavana isan'andro. Entina ihany koa hanamarinan-tena fa tsy miaradia amin'ireo tsy mahavita azy ny eo amin'ny fitondrana na iza izy na iza. Ety amboalohany ny fitondran'ny filoha Andry Rajoelina izany dia efa hita fa toa mipatitaka sahady ny vovonana IRD. Mbola ho hita eo koa ny manaraka fa indrindra eny Tsimbazaza eny.

***Rajaonarimpanontsana***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Tsy afa-miaraka ny taranjam-panatanjahantena sy ny resaka politika

Maresaka sy mampientanentana ny vahoaka amin'izao fotoana izao ny sehatry ny baolina kitra izay asandratry ny ekipam-pirenena malagasy any Ejipta. Sehatra iray mba hany tena nahafaly ny ankamaroan'ny vahoaka Malagasy io tato anatin'ny 10 taona farany izao. Tsy mbola nahitana fifaliana niavaka toy izany teny amin'ny tanàna maro nanerana ny renivohitra sy hatrany amin'ny faritra samihafa nanerana ny Nosy. Zary nampiray hina ny rehetra amin'ny fiderana ireo mpilalao malagasy ny fandresena azo ka hiakarana eo amin'ny ampahavalon-dalana amin'ny lalao iadiana ny amboaran'i Afrika amin'ny ekipam-pirenena taona 2019. Tsikaritra koa anefa ao anatin'izany ny fahitana ireo mpanao politika midodododo miezaka milona ao anatin'izany fahombiazana izany ary miseho ho mpanohana sy mpankafy. Ny filohan'ny Repoblika aza dia tsy niandry ela fa ny alina nandresena ny Nizeriana iny ihany dia efa niantso an-telefônina ary nilaza fa hanatrika ny lalao amin'ny Alahady izao any Ejipta. Tsikaritra koa anefa fa misy mpanao politika tonga any Ejipta mijery io lalao io. Eto an-toerana dia samy mamoron-kevitra ireo mpanao politika avy amin'ny antoko samihafa manao izay hanehoana ny fiarahany milona miaraka amin'ny vahoaka…

Tsy tokony hohadinoina velively anefa, fa raha vao tsabahan'ny mpanao politika na resaka politika io resaka baolina kitra io, dia tsy isalasalana fa ho simba. Traikefa efa hita sy nisy teto amin'ny firenena izany. Ary tsy amin'ny baolina kitra ihany, fa amin'ny taranja ara-panatanjahantena rehetra mihitsy io. Tsy afaka hiaraka velively ny politika sy ny fanatanjahantena. Tsy mahasoa velively ny taranjam-panatanjahantena ny fidiran'ny politika ao anatiny. Izay no ilàna fitandremana eto amin'izao fotoana izao. Tsy tokony ho faly ambolony fotsiny ny vahoaka ny amin'ny fanohanana tsy anavahana na an'iza na iza, indrindra avy amin'ny mpanao politika. Raha tiana ny hanana ny soa sy hitandro ny efa toerana niakaran'ny lanjan'ny baolina kitra Malagasy dia mila mitandrina ary mila arofanina amin'ny mpanao politika isika.

***Sôh'son***

Fifidianana ben'ny tanàna

# Hifampitady indray ny Tim sy ny Mapar

Taorian'ny famoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana ny anaran'ireo solombavambahoaka lany ofisialy ny Talata lasa teo, dia mitodika any amin'ny fifidianana ben'ny tanàna indray ny vahoaka malagasy. Ny 28 Oktobra 2019 ho avy izao mantsy no tetiandro natolotry ny Ceni hanatanterahana ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina eto Madagasikara. Hanomboka ny 20 Jolay ho avy izao ny fametrahana ny antontan-taratasy firotsahanko fidiana amin'izany. Ho an'ny antoko Tim izay efa nilaza ofisialy ny Talata teo fa antoko mpanohitra manomboka izao dia fantatra fa vonona hifampitady amin'ny Mapar indray amin'izay fifidianana ben'ny tanàna izay. Vonona izahay hoy ireo kandida ben'ny tanàna, ary ny vahoaka no hitsara amin'izany. Ny ben'ny tanàna mantsy dia ilay olona mihitsy no jeren'ny vahoaka fa tsy misy idiran'ny resaka pôlitika loatra akory. Manana tombon-dahiny ireo ben'ny tanàna niasa sy natokisan'ny vahoaka tao anatin'ny fitantanana ny kaominina. Maro amin'ireo ben'ny tanàna am-perin'asa arak'izany no mbola vonona hirotsaka ho kandida ben'ny tanàna indray amin'ity taona ity. Ny olana ho anay hoy ireo ben'ny tanàna mpanohitra ny fitondrana dia ny fanohintohinana sy ny tsy fanomezana tohana ara-bola ny kaominina tsy mitovy firehana amin'ny fitondrana. Ny solombavambahoaka anefa no manapaka izay laharam-pahamehana amin'ny sehatry ny fampandrosoana ifotony, ka anisan'ny manana tombon-dahiny amin'izay ny antoko Tim izay manana solombavambahoaka 16 eto Madagasikara.

***Rajo***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fampitahana ny Air Bus 380 sy Air Force One

# Mamelona mpandraharaha vahiny hatrany ny fitondrana Rajoelina

Isan'ny nanakianana ny fitondrana Marc Ravalomanana ny nahazoan'ny fanjakana fiaramanidina Air Force One sy Air Force One II. Iry voalohany dia natolotry ny filoha Ravalomanana ho an'ny Air Madagascar madiodio, ny fiaramanidina faharoa kosa dia namidin'ny filohan'ny tetezamita, mpanongam-panjakana, Andry Rajoelina tamin'izany fotoana, fa hoe mandany volam-panjakana. Ny vidin'ilay fiaramanidina faharoa, izay nolazaina fa efa lafo, dia tsy fantatra na natao inona na natao inona ny vola. Araka ny fantatra, efa lany nandritra ny tetezamita izany vola izany. Ny vahoaka Malagasy kosa tsy mahalala na inona na inona ary tsy afa-manoatra sao lasa any Antanimora raha toa ka misisika manontany ny antony. Ankehitriny, ao anatin'ny korontana ny Air Madagascar, noho ny antony ara-teknika tsy maintsy atao amin'ny fiaramanidina roa an'ity kaompaniam-pitaterana an'habakabaka ity, dia mbola lasa nanofa fiaramanidina A380 goavana indray ny filoha Andry Rajoelina, izay mahazaka mpandeha hatramin'ny 400 mahery, mbola hiampy iray indray aza ny fiaramanidina ho any Egypte. Tsy fantatra ny hofan'ireo fiaramanidina lehibe roa ireo, nolazaina fotsiny fa fiaraha-miasa amin'ny kaompania Stratejika. Ny azo lazaina aloha, lafo dia lafo ny hofan'izy io raha oharina amin'ny Air Force One izay lasa fananan'ny Malagasy rehefa tapitra ny fifanarahana. Ny an'ny fitondrana Rajoelina kosa dia manofa fiaramanidina lafo ary haverina any amin'ny tompony izany avy eo. Mamelona mpanam-bola vahiny hatrany ny fitondrana Rajoelina. Mbola itondrana mpanohana an'i Barea an-jatony koa aloha ilay A380 sy ilay fiaramanidina faharoa, miampy ireo mpandeha tsy mandoa saran-dalana iantohan'ny filoha Andry Rajoelina. Etsy andaniny, ireo manana volabe 200 sy 2 tapitrisa Ariary no afaka mandoa ny sarany. Firy amin'ny Malagasy no manana vola atontona ho amin'izany. Ireo any ambanivolo any ve, afaka ny hanana vola atokana ho amin'izany mankany Egypte izany, sa dia natao ho an'ny mpanam-bola sy ireo akamakama izy ity? Raha ny tokony ho izy, ny volabe laniana amin'izy io, hanampiana ny Barea sy ny fitsenana azy ety an-tanindrazana. Miseho lany ny fanavakavahana manoloana izay rehetra izay. Ny azo amintinana ny famakafakana eto, na inona na inona filaza, manam-bola laniana amin'ny zavatra hafa mandalo ny filoha Andry Rajoelina, fa rehefa izy no eo amin'ny fitondrana dia afaka mandany volam-panjakana, fa rehefa ny hafa kosa dia voron-dolo. Aleo ny rehetra no samy hieritreritra fa efa tsy mandeha amin'ny laoniny intsony ny fitantanan-draharaham-pirenena ankehitriny.

***Rajaonarimpanontsana***

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

## Ho depiote mpanangan-tanana fotsiny ny maro

Mbola tsy mandray ny toerany akory ireo depiote tsy miankina sasany dia efa manao fanambarana sahady, fa hanangana vondrona parlemantera manohana ny fitondrana. Asa na tahotry ny tsy hahazo famatsiam-bola na tetika ialàna amin'ilay tsy mahazo mivadika palitao, araka ny lalàna, no nahatonga azy ireo nanao ilay fanambarana. Raha ny fahitana azy ireo koa dia solombavambahoaka efa hita fa nanaradia ny fitondrana ny ankamaroany saingy tsy nampidirina tao anaty lisitry ny IRD na nisy antony hafa, toy ny fanaparitahana vato fotsiny. Tsy mahagaga izay ary efa fanaon'ny mpanao politika rahateo. Ny mety hitranga hatreto dia hitana ny teniny marina ve ireto solombavambahoaka tsy miankina ireto, sa hanova lalàna mba hivadihana palitao amin' ny endriny hafa rehefa tonga ao amin'ny Lapan'i Tsimbazaza ao. Tsiahivina fa nanjaka tanteraka ny resaka malety teo aloha nandritra ny fivoriana rehefa mitady ny tombontsoany manokana. Azo heverina koa fa baiko avy any amin'ny filoha io fanambarana io, hampitomboana isa ireo depiote mpanangan-tanana. Izay no mampirehareha ny solombavambahoaka lany tamin'ny alalan'ny IRD fa marintoerana ity fitondrana ity nahazo maro an'isa etsy Tsimbazaza. Tsy ny fahamaroana isa ihany anefa no inona satria tsy hipetra-potsiny koa ireo lazaina fa vitsy an'isa. Samy manana ny paik' adiny eo amin'ny fanaovana pôlitika ny antoko, na fikambanana ary isan'izany no nironan'ny antoko TIM any amin'ny fanoherana, raha tsy hilaza hafa-tsy io isika. Manana solombavambahoaka hafa miara-dia aminy koa ny antokon'ny filoha Marc Ravalomanana, izay heverina fa mampihetsi-bolo sahady ny ao amin'ny fitondrana.

***Rajaonarimpanontsana***

Andry Rajoelina

## Toa adinony tanteraka ny vina IEM




Efa nohadihadiana teto amin'ny Gazety Ny Valosoa Vaovao ary nohamafisin'ireo mpamakafaka sasany, fa tsy mbola hita taratra mihitsy ilay Vina IEM, nodradradradraina nandritra ny fampielezan-kevitry ny filoha Andry Rajoelina. Ny zava-misy hatreto dia ny asa natomboky ny filoha nifandimby teo aloha no japiana, araka ny fiteninjatovo. Marina fa misy ny fanohizan-draharaham-pirenena fa tsy izay fotsiny no antony nifidianan'ny vahoaka azy ho filoham-pirenena. Ny «Projet de Société» na ny Vinam-piaraha-monina entina itondrana ny firenena no tokony hisongadina miampy ny efa vitan'ny teo aloha. Tsy atao mahagaga satria Vina nofinofy no betsaka nandritra ny fampielezan-kevitra, fihetsiketsehana no maro entina nambaboana ny fon'ny mpifidy Malagasy. Manginy fotsiny ny hala-bato nitranga tetsy sy teroa nandritra ny fifidianana nifandimby. Mirehareha fatratra ny mpomba ny fitondrana fa na ny vahiny aza niloa-bava fa haingam-pandeha, hono, ny mpitondra. Aoka tsy ho sodokan'ny dokam-barotra toy ireny, izay mifono fandatsana ihany koa. Ny antony, raha oharina amin'ny any ivelany isika dia mbola mitana ny rambony eo amin'ny fahantrana manerana an' izao tontolo izao. Mbola variana ao anaty fahazoana ny fanjakana ny mpitondra ka tsy mahalala intsony ny maika entina hampandrosoana ny vahoaka sy ity firenena ity. Manampy trotraka ihany koa ireo mpisolelaka sy mpanasohaso ka lasa miboriaka any amin' ny tsy izy ny Vina IEM mba tsy ilazana fa hadinon'ny filoha tanteraka. Ny vahoaka etsy ankilany tafiditra any anaty fahasahiranana, difotry ny fahantrana.

***Rajaonarimpanontsana***

## NY TENY FIAINANA




***Genesisy 4:7***

*Raha tsara toetra hianao, moa tsy ho miramirana va? Fa raha tsy tsara toetra kosa hianao, dia mamitsaka eo ambaravarana ny ota; ary hianao no kendren'ny faniriany, kanefa hianao no tokony hanapaka azy.*

Politika

## Mahatsiaro ho ambany kaonty Rajoelina sy ny fitondrany

Tsy nampiraika ny maro firy na ny vahoaka amin'ny ankapobeny ny hetsika notanterahina teny Mahamasina nandritry ny fanamarihana ny fankalazana ny tsingerin-taona faha-59 nireenan'ny fahaleovantena. Eny, na dia teo aza ny fampisehoana ireo fitaovana vaovao an'ny mpitandro filaminana sy hatramin'ny fanasana manokana ny filoham-pirenena Roandey. Vao mainka aza matroka iny andron'ny Asaramanitra iny noho ny nisian'ny famoizana ain'olona 17 sy naratra hatrany amin'ny 80, izay tranga tsy mbola nahitana fahavoazana be toy izany teny amin'ny Kianjaben'i Mahamasina, ny takarivan'iny andro iny ka nampanjombona ilay andro natao hifaliana. Tsy lavina, na teo aza ny fihetsika nasehon'ny fitondrana tamin'ny famangiana sy ny fandraisana andraikitra nataony tamin'ireo niharam-boina dia tsy hita firy ny fideran'ny vahoaka izany.
Nahatsikaritra sy nahatsapa izany no mety mampiezakezaka ny fitondrana Rajoelina sy izy tenany fa misy tsy milamina loatra aminy sy ny vahoaka eo amin'ny fifandraisana. Ambany ary tsy niakatra firy ny kaontiny eo imason'ny vahoaka na dia teo aza ny hetsika rehetra natao. Tsy niakatra mihitsy izany, antony iray ny fifidianana solombavambahoaka teo, izay misy fifandraisany hatrany amin'ny fifidianana filoham-pirenena. Hany ka mitady izay hirika na fomba rehetra ampiakarana izany kaontiny izany ny tenany sy ny fitondrana tarihiny. Hirika iray lehibe amin'izany ity sehatry ny baolina kitra ity izay nisongadinan'ny ekipam-pirenena Malagasy miatrika ny fiadiana ny amboaran'i Afrika amin'ny ekipam-pirenena. Tampotampoka eo dia nilaza fa ho any Ejipta mihitsy ny tenany satria hitany fa mahasarika ny saika ankamaroan'ny Malagasy rehetra izany. Raha tena fitiavana taranja baolina kitra aloha tsy maninona, fa raha miharo ambadika politika no isehosehoana hanohanana an'i Barea, dia mba ratsy na tsy mety ihany. Ho hita eo izay ho fihetsiny amin'ny ho avy izay, fa famakafakana no atao.

***Sôh'son***

## TONONKALO

### Be no tsy ho tonga intsony

Tsy fantatra mazava fa nosavihin-doza
Ka nihosin-dra indray ny fitondrana foza.
Tsy sambany tsy akory ny zava-toy izany ,
Fa toa nisesisesy hatramin`ny nitondràny.

Tsy hay na mila rà ny zavatra tompoiny,
F`izao no zava-misy tsy tokony hohadinoiny:
Rehefa misy fety , lanonam-pivoriana,
Dia rà hatrany hatrany no hita mikoriana.

Tsy maintsy izany ve no zavatra hihàtra,
Ka hisy hatrany hatrany ny maty sy maratra ?
Moa tsy azo nosorohina sa tena iniana atao
Raha vao manomam-pety izao fitondrana izao ?

`Reo olona voatendry , na ny olona nofanina
No tsy ampy traikefa raha toa ka hovantanina,
Sa ny olona eny ambony no tena tsisy hafitsoka
Ka `zay atao rehetra tsy mety fa mipitsoka ?

Manjary mahimahina `reo tia mizaha lanonana,
Matahotra korontana , manahy ny fifandonana ,
Ka farany aza angamba dia tena tsy ho avy
Rehefa misy fety iantsoana mpianakavy.

Satria ny fanahiana no lasa be dia be
Hoe: "hisy rà indray tsy maintsy hitete",
Ka tsy hahataona intsony izay mety ho fialamboly
Omanin`ny mpitondra fehezin`ny devoly !

**DADAN`i ZINA (28-06-19)**

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fisoratam-panambiana faobe tao amin'ny Boriborintany Voalohany, tetsy Soarano Analakely.**









RADO RAMPARAOELINA

## Atao filamatra ny kaominina Ampitatafika



*Ny ben'ny tanànan' Ampitatafika, Rado Ramparaoelina.*

Nivoitra nandritry ny tatitra nataon'ny ben'ny tanànan' Ampitatafika, distrikan' Antananarivo Atsimondrano fa atao kaominina filamatra ny kaominina Ampitatafika. Fanamby efa napetrak'ity ben'ny tanàna ity ny mamaly ny filan'ny vahoaka amin'ny sehatra samihafa tao anatin'ny fito taona nitantanany ny kaominina. Santionany tamin'zany ny fanomezana jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro miisa 265 tamina fokontany miisa telo , foana ihany koa ny mpivarotra rongony ary nizarana fitaovana fiantsoana ireo sefo fokontany mba iadiana amin' ny resaka asan-dahalo , nanampy ara-pitaovana ny zandary toy ny fiara sy solika ihany koa ny kaominina ary namafisina ny fiambenana ny isam-paritra. Teo amin' ny resaka fampianarana kosa dia fanaon'ny kaominina isan-taona ny manolotra valisoa ho an'ireo voalohany tamin'ny voka-panadinana isan-taona. Nanangana Lycée ihany koa ny kaominina mba hamahana ny olan'ny mpianatra eny anivon'ny faritra. Tafiditra ao anatin'ny 12 voalohany eto Analamanga ny kaominina Ampitatafika eo amin'izay resaka fampianarana izay. Eo amin' ny resaka tsena kosa, dia nirosoana ny fanatsarana toy ny fanomezana toerana ho an'ireo mpivarotra sy nanala ireo mpivarotra amorondàlana. Mbola ezaka miandry ny kaominina kosa ny kianja hanaovana fanatanjahantena satria misy tompony ny toerana nanaovan'ny tanora fanatanjahantena teny ifotony. Tsy mijanona hatreo fa mbola hitohy hatrany ny ezaka hoy hatrany ny ben'ny tanàna, Rado Ramparaoelina.

**Rajo**

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy anana tissâme indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ketsaketsa izany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ireo soa azo avy amin'ny katsaka

Maro ireo soa azo avy amin'ny katsaka Tafiditra ao anatin'ireo haninkotrana mahazatra antsika Malagasy ny katsaka. Andrahoina atao be ranony tsara, atono, afangaro amin'ny salady… Betsaka ny soa azo avy amin'ny katsaka:

**Manome hery**

Avo telo heny ny vitamina A sy B ao anatiny, raha mitaha amin'ireo legioma manankarena izany singa izany. Noho ireo singa ireo dia manatsara hoditra sy maso ny katsaka. Ankoatra izay, miaro ny hihy tsy ho mora maratra sy mandeha rà lava izy.

**Ody goty, "calculs", …**

Manan-karena pôtasiôma koa ny katsaka, ka mahatonga azy hanala ireo poizina ao anaty vatana, amin'ny alalan'ny fivalanan-drano. Tena tsara hanin'ireo manana olana amin'ny "calculs", voan'ny goty sy "cystite" ity haninkotrana ity.

**Misoroka AVC**

Tahaka ireo sakafo be singa mpanala arafesina dia manatsara ny fiasan'ny fo sy ny lalan-drà ny katsaka. Ankoatra izay dia manampy ireo olona mararin'ny romatisma sy ny "arthrose" koa izy.

**Manatsara kôlesterôly**

Noho ireo "acides gras" miavaka ao anatiny dia manala ireo menaka ratsy ao anaty vatana ny katsaka ary mandrindra ny kolesteroly.

**Ody may**

Raha tratran'ny fahamaizana tsotsotra ny hoditra ka mangirifiry sy manaintaina dia mampitony izany ny katsaka. Asiana rano mangatsiaka ny vovo-katsaka dia atao paty marihitra. Iny no ahosotra amin'ilay fery vao.

**Manatsara fahitana**

Noho ireo singa "caroténoïdes" roa lehibe ao anatiny dia manatsara ny fahitana ny katsaka ka manampy hitazona ny fahitana mba hateza. Fantatra fa mikolokolo ny anakandriamaso ity haninkotrana ity.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Vangaindrano any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana



Ny tanànan'i Vangaindrano any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Tanàna iva toerana ihany ity tanàna ity satria 15 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Tsy amoron-dranomasina ity tanàna ity fa manakaiky ranomasina. Kaominina an-drenivohitra ny tanànan'i Vangaindrano, renivohitry ny distrikan'i Vangaindrano. 75 km mianatsimo avy any Farafangana no misy azy amin'ny lalampirenena faha-12 (RN12). Lalovan'ny reniranon'i Menagnara izy. 90 km avy ao Vangaindrano no misy ny valan-javaboharim-pirenen'i Midongy Atsimo, ary eo anelanelan'i Farafangana sy Vangaindrano no misy ny valan-javaboahary manokan'i Manombo. Ny Antesaka no mponina any, na izany aza, hita ao avokoa ny mponina rehetra avy amin'ny lafivalon'i Madagasikara. Izy no mpamokatra jirofo sy kafe ary dipoavatra be indrindra amin'ny faritra Atsimo Atsinanana. Manana seranam-piaramanidina madinika ny tanàna.

# Jehovah, Madagasikara 03 jolay 2019, hafatra manokana ho an' ny Barea sy ny malagasy

**Afom-pifaliana- akom-pandresena**
***Ohabolana 16: 9 " Ny fon' ny olona mihevitra tsara ny alehany fa IZAHO JEHOVAH ihany no mahalavorary ny diany."Salamo 34: 8 : "Sambatra ny olona izay miankina AMIKO".***

IZAHO JEHOVAH no manoratra ho anareo ry Malagasy tsy an-kanavaka.

1. Izany no Anarako ry mpihaino sy mpamaky
Faly AHO mahita anareo tsy mivaky
Fantatrao? Avy AMIKO ny FIFALIANA
Nalatsako amin' ny tany hamafa fahoriana

2. Fantatro loatra ny firenenareo
Betsaka ary maro ireo mitoreo
Atomboko amin' izao izay ilainareo vahoaka
Tsy ho ela dia hisy FAMONJENA hivoaka

3.Eh! IZAHO JEHOVAH no manoratra
Vakio sy henoinareo rehetra ireto Soratra
Fa fiarahabana, fitiavana, fiarahamiasa
Fisaorana amin-javatra maro ho kinasa

HARIVARIVAM-PANDRESEN' NY NOSY MADAGASIKARA

1. Misy akora sesilany any Avaratra
Toy ny rian-dranobe avy ao Ankaratra
Tsinjaka bevata avy Atsimo
Tsy hay tohaina fa toy ny tandrimo

2. Akom-pifalian' ny Tatsinanana
Tsy hita atao ahoana, tsy azo tanana
Ny avy Andrefana koa aza hadino
Miara-miainga, miara-paly tsy nampino

3. Malagasy manontolo niara-paly
Toy ny voron-kely afa-pandrika, afa-jaly
Tsy misy baiko fa notarihin' ny FANAHY
Naneho izay tam-pony tsy nanana ahiahy

4. Harivarivan' ny Nosy tena niavaka
Fifaliana hafa kely no nandravaka
Na ny kely na ny lehibe tsy niahotra
Nampiseho fa tena resy hatreo ny tahotra

5. Afom-pifaliana tsy nampoizina
Nanova ireo sehatra voapoizina
Malagasy feno hiaka ka tsy tana
Hafaliana hafakely isan-tanàna

6. Hiaka tetsy sy teroa nanakoako
Niampita eran-tany izany AKO
Nahagaga ny tontolo : tena taitra
Hay ve ny Malagasy tena RAITRA!

7. Fitaovako manokana ny BAREA
Avy AMIKO JEHOVAH ka tena sahy
Tsy tamin-kery, tsy tamim-pahatanjahana
Fa mampandresy rehefa miasa ny FANAHY

8. Santionany ihany ho fampitambarana
Ho fanombohan' ireo fahasambarana
Mbola misy ASA LEHIBE miandry anareo
Malagasy o! Mivonona, meteza haneho

9. Akom-pandresena mipaka tam-po
Akom-pirenena ka samy afa-po
Zava-baovao no havoaka miharihary
Asa no aseho izao fa tsy kabary.

10. Toy izao no angatahiko aminareo
Ry Malagasy manantena ka ekeo
Ankino AMIKO JEHOVAH ny asanareo
Dia ho lavorary izay kasainareo

11. Toy izao no takiako amianreo : VAVAKA
Io ihany no antoka tena mampiavaka
Raha toa te-handray VALIM-PITIA
Aza afenina fa hianareo mifankatia

12. IZAHO JEHOVAH ataovy rehareha
HO voninahi-pirenenareo ny BAREA
Ny fotoam-pilalaovan' izy ireo any ampita
Miankohofa ny sisa, izy ireo ho tafita

13. Mila hery, mila vavaka ireo mpilalao
Misaotra ny rehetra izay efa nanao
Misaotra ny mpitondra, mpitantana
Misaotra ny mpijery rehetra mivantana

14. Aza miankina amin' ny fahalalanao
Maneke AHY amin' izay alehanao
Tandremo sao manao hoe : baolina io
Fampahafantarana an' i MADAGASIKARA io, tadidio

15. Fifaliana no hamohazako ny tany
Fiderana manakoako maneran-tany
MADAGASIKARA no fanombohana
Ka tsy hisy na iray hanohantohana

16. Fifaliana avy ambony no narotsaka
Tahakan' ny ando maraina nitosaka
Aza manao anareo ho hendry
Fa izay rehetra miseho dia efa voatendry

17. O! Ry Malagasy manantena
Tianao ve ity Firenena?
JESOSY ihany zareo jerena
Ho fandresenareo sesehena

18. Raha ekenareo ny Teniko
Tsy miala maina izany peniko
Hasehoko anareo ny vokatra
Eny, vakio tsara ireo Soratra.

19. Tsy mifarana ny hoby
Fa ento mody any an-toby
Tsy mifarana ny anjara
Ho an' i MADAGASIKARA

20. Hoy ny tantara, ***Genesisy 13: 2***
Ary Abrahama nanana harena be
Dia omby aman' ondry ary volamena
I MADAGASIKARA manana izany be dia be
Kajio tsara, arovy fa harem-pirenena

21. Averiko eo aminareo ny taloha
Ka tononiko ny soa
Fiadanana, Fahasoavana, Fahendrena
Faherezana, Fifaliana, Fandresena...

22. Any Egypta no fotoana
Any indray isika mihaona
Fantatrao ve ny tantara?
Miverina izy aty afara.

Amen!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

BORIBORITANY VOALOHANY (CUA)

## Nanatanteraka mariazy faobe ara-panjakana

Mitohy hatrany ny fanatanterahana mariazy faobe ara-panjakana eo anivon'ny Boriboritany Voalohany, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Ny andron'ny alakamisy teo dia mpivady 6 avy eny anivon'ny fokontany III-G Hangar indray no vita sora-panambadiana aradalàna. Araka ny toromariky ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao Ravalomanana dia amporisihina hatrany ny mponina mba hiroso amin'ny sehatra ara-dalàna satria dia mahazo tombony eo anatrehan'ny lalàna hatrany ireo mpanara-dalàna. Ankoatra izay dia mora amin'ny zanak'izy ireo ihany koa ny mahazo taratasy ara-panjakana isan-karazany toy ny kopia, sy ny maro hafa… Nanentana hatrany ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany fa vonona izy ireo ny handray ireo mpivady izay manam-paniriana ny hisora-panambadiana ao amain'izany Boriboritany izany. Ny asa sosialy dia mbola hitohy hatrany eo anivon'izany Boriboritany izany mba ho fanalàna ny fahasahiranan'ny mponina hoy ny delege Randriamamonjy Lanto.

***Aly***



*Ireo vita fisoratam-panambadiana faobe tao amin'ny Boriboritany voalohany.*

Barean'i Madagasikara

## Manana riziky hiakatra amin'ny ¼-dalana

Rahampitso amin'ny 7 ora hariva eto amintsika, no hiakatra kianja indray, any Alexandrie any Egypta, ny ekipam-pirenena Malagasy eo amin'ny baolina kitra, ny Barean'i Madagasikara, hiatrika ny lalao 1/8-dalan'ny dingan'ny famaranan'ny CAN 2019. Hifandona amin'ny Barea amin'izany ny ekipam-pirenen'i RDC, na ny Repoblika Demokratikan'i Congo. Raha ny lojika sy ny zava-misy dia manana riziky hiakarana amin'ny ¼-dalana ry Faneva Ima sy ny tariny, satria voalohany tao amin'ny sokajy nisy azy, nandresy an'i Nigeria, izay efa tafakatra tamin'ny Mondial hatrany amin'ity resaka baolina kitra izay. Izay fahombiazan'i Madagasikara izay dia efa antony iray mampihorohoro avy hatrany an-dry zareo avy any RDC. Tsy mba faha-2 tamin'ny sokajy nisy azy i RDC tamin' izao niakarany izao, fa anisan'ireo ekipam-pirenena laharana faha-3 nanana isa tsara fotsiny no nahatafakatra azy, noho izany, azon'ny Barea resena tsara izy ireo. Na izany na tsy izany, ny baolina boribory, ka mila manontona ny heriny, tena ho amin'ny fandresena tokoa ireo mpilalao Malagasy eo ambany fiahian'ny mpanazatra Nicolas Dupuis. Mirary izay fandresen'ny Malagasy izay ny mpitia baolina kitra eto Madagasikara, eny fa na ny tsy dia mpanaraka baolina koa aza.

***Lita***

OTIV Boeny

## Mbola tsy tanteraka ny fampanantenan'i Andry Rajoelina

Miseho lany indray ankehitriny ny olana momba ny Ombona Tahiry Ifampisamborna Vola, na OTIV any amin'ny faritra Boeny. « Aiza ho aiza ilay vahaolana nampanantenaina hamerenana ny volanay », hoy ireo mpikambana. Tapitra tamin'ny zoma 7 jona 2019 lasa teo ny fe-potoana nomen'ny filoha Andry Rajoelina ireo tomponandraikitra roa tao amin'ity OTIV Boeny ity, izay navoriny tao amin' ny Lapam-panjakana Ambohitsorohitra ny harivan'ny talata 4 jona 2019, natrehin'ny solontena roa avy amin'ny Vaomiera mpanaramaso ny banky sy sehatra fampindramam-bola, nandrosoan'izy ireo vahaolana, dia ny drafitra hamerenana ny volan' ireo mpikambana mitaraina fa very vola na mihitsoka tsy azo ao amin'ny OTIV Boeny ny tahirim-bolany efa amantaonany izao. Iray volana aty aoriana, milaza ho tsy mbola nahazo ny volany ireo mpikambana, no tsy manam-baovao mahakasika izany. Nitaraina tamin'ny filoha Rajoelina nandritra ny fitsidiham-paritra nataony tany Mahajanga tamin' ny 23 mey 2019 ireo mpikambana ao amin'ny OTIV Boeny, fa nisy nanodinkodina ny volan'izy ireo. Teo anoloan'ny Lapan'ny tanànan'i Mahajanga no nilazan'i Andry Rajoelina ampahibemaso fa hamory avy hatrany ireo tomponandraikitra voakasik'izany ao Ambohitsorohitra izy, ny 4 jona 2019, vao tafaverina avy any Frantsa izy. Nisy ny fivoriana tao ny harivan'io 4 jona io, tao amin'ny Lapam-panjakana Ambohitsorohitra, ka nanomezany fe-potoana hatramin'ny 7 jona 2019 hanomezana vahaolana. Miandry ny fanatanterahana izany vahaolana izany izahay, hoy ireo tompom-bola. Efa volana jolay izao, mbola tsy misy ihany ny vaha-olana amin'izany fampanantenan-dRajoelina izany.

***Helisoa***

FANAMBADIAN'NY SAMY LAHY NA SAMY VAVY

## Toherin'ny FFKM hatramin'ny farany

Taorian'ny famoahan' ny HCC ireo lisitra ofisialy ny anaran' ireo solombavam-bahoaka lany teto Madagasikara ny talata lasa teo, dia hentitra ny FFKM tamin'ny alàlan'ny filohany, ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi, fa hanohitra hatramin'ny farany ny mety ho fanambadian'ny mitovy fitaovam-pananahana toy ny samy lahy, na samy vavy. Hijoro hatramin'ny farany izahay hoy ny filohan'ny FFKM, ary tsy hanaiky izany velively. Karazan'ny dona sahady nataon'ny filohan'ny FFKM io satria efa mandeha sahady ny kajikajy pôlitika sy ny ho fandaniana volavolan-dalàna eny anivon'ny Antenimierampirenena fa misy mitady hampiditra sahady io lalàna vaovao io ary terena ho lany eny anivon' ny Antenimierampirenena. Tsy mitovy fijery anefa na dia samy ao anatin'ny antokon'ny fitondrana aza satria misy kristianina maro lany ao anatin'ny lisitra Mapar , ary heverina fa hijoro hiaro ny voninahitr'Andriamanitra izy ireo. Amin'ny talata ho avy izao no hanomboka hivory ireto solombavambahoaka ireto ary hametraka ireo birao maharitra eny anivon'ny Antenimierampirenena Tsimbazaza.

***Rajo***

Fiarovana seranam-piaramanidina

## Natsahatra ny asan'ny SAMADA

Nitsahatra nanomboka omaly maraina ny asan'ny Samada, na Sûreté Aéroportuaire de Madagascar, orinasa niandraikitra ny fiarovana ny seranam-piaramanidina. Misahana ny fiarovana eny amin'ny seranam-piaramanidina miisa 8 eto Madagasikara ny Samada, ka anisany ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Ivato, ity orinasa tsy miankina ity, izay tamin'ny fitondrana Hery Rajaonarimampianina no nisahanany io asa io.



Mampiasa olona 600 eo manerana ny Nosy ny Samada. An-dranomaso ny an'ireo mpiasa ireo teo ampandrenesana ny fiatoan'ny asa nosahanin'ny orinasa nampiasa azy ireo, noho ny fahaverezana asa mitatao amin'izy ireo. Araka ny feo mandeha dia orinasa an'ny olona ambony akaiky ny filoha Andry Rajoelina indray no homena hisahana izany asa izany amin'ireo seranam-piaramanidina miisa 8 eto amintsika ireo.

***Helisoa***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety izao manaraka izao. " Les Malgaches sont fièrs d'être à nouveau colonisés par la France, la Chine, l'Inde et l'Union Européenne -ils ne font rien pour changer cela". MADAGASCAR N'EST PAS INDÉPENDANT - TSY MAHALEOTENA I MADAGASIKARA!

Tsy mahaleotena isika tompoko ô, na hasiana sainampirenena eraky ny arabe rehetra, na hiredona io hirampirenena io maraina atoandro hariva aza, na hapoapoaka mirefodrefotra ny balafomanga; ny zava-misy dia hararaotin'izao tontolo izao ny havendranan'ny malagasy (miala tsiny fa izay ny zava-marina), hararaotin'ny olona satria kanosa, mora ambakain'ireo vahiny isika raha ny zava-misy eto antoerana no jerena. Betsaka ny malagasy no mbola voan'ny aretin'ny fanjanahantany, ka mihevitra fa ireo olona nanjanaka azy sy mbola manjanaka azy ankolaka ireo no hanavotra azy @ fahantrany. 59 taona aty aoriana: tsy misy lanjany ny vola malagasy, alefan'ny olona atao varo-boba any Koweit sy Chine ny vehivavy malagasy, anaovan'ny vazaha filandratsy ny zaza amambehivavy. Na ny vary hohanintsika aza kay moa mbola afarana avokoa e?

- ny fampianarana any an-tsekoly dia tsy natao hampahay na hanova ny toetsaina fa natao hampitombo ny tsy an'asa, izay manambola sy manankatao ihany no tafita e, kolikoly no filaza azy.
- ny orinasa lehibe rehetra mampihodina ity firenena ity dia mbola ireo mpanjanaka no tompony.
- ny harena ankibon'ny tany rehetra eto dia ireo vahiny no nomena hitrandraka azy ambongadiny.
- ny ao anaty ranomasina moa efa kely sisa dia ho ritra satria na sambo lehibe anankiray aza tsy ananan'i Madagasikara akory, ny tafika malagasy moa dia 0, tsy mahavita miaro ny vahoaka sy ny fananany akory, mbola lava be ny liste...

Aza mbola mandihy tsy afa-tavony, aza mandihy tsisy mozika, tsy ny fanaovana fety be sy ny famonoana gisa no zava-dehibe, fa tokony hiara-hifoha ny saintsika rehetra; hanaiky handevozin'ny vahiny mandrapahoviana isika ? AZA MANANTENA FIRENENA HAFA HAMONJY ANTSIKA IZANY, SAMY MITADY NY TOMBONTSOANY NY FIRENENA REHETRA.

Tsy azo tsinontsinoavina ihany koa ireo olona maherin'ny roa hetsy (200.000) namono ny ainy mba hahazoantsika fahafahana, ny mampalahelo anefa dia very maina fotsiny ireny aina nafoy ireny fa vao mainka aza mamaivay ny fiainan-dRamalagasy!Fehiny: TSY MAHALEOTENA i MADAGASIKARA!

***Tiako loatra i Madagasikara***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## SARIITATRA : Ary misy puce ve ilay omby Barea ?




Mpanadio tanànan'ny Boriboritany 6

## Niara-nientana nanao fanadiovana faobe ireo mpiasa miisa 600 eo

Izay tsy mandoto dia efa manadio. Tarigetran'ny ben'ny tanànan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Lalao Ravalomanana ny hanana Renivohitra maha te- honina ary na dia asa fanaon'ny Kaominina isan'andro aza ny fanadiovana, dia natao omaly ny fiaraha-mientana Fanadiovana Faobe ny lalambe rehetra manerana ny boriboritany miisa enina eto an-drenivohitra, izay notarihan'ny Delege tsirairay avy. Niandahy niambavy ireo mpiasan'ny Kaominina avy amin'ny Boriboritany miisa 6, miisa 600 teo, mpanadio tanàna, nanao ny asa, ka natomboka tetsy anoloan'ny Gara Soarano izany. Izao hetsika izao dia sady fanentanana ihany koa ny mponina ho tia fahadiovana, endrika iray famporisihana ny mponina mba hitandro ny fahadiovana ary aorian'izao hetsika izao dia tsy maintsy handray andrikitra ny eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, amin'ireo olona minia mandoto eran'ny tanàna. Entanina ihany koa ny rehetra mba hifampitaiza sy hanara-maso ary hitandro hatrany ny fahadiovana. Nisy ny fitsinjaran'asa isaky ny Boriboritany 6: ho an'ny Boriboritany voalohany , dia tetsy Soarano no fotoana nanombohana ny asa fanadiovana. Ho an'ny Boriboritany faharoa , tsetsy Ambohijatovo no niainga, ny Boriboritany fahatelo , tetsy amin'ny Pochard, ny Boriboritany fahaefatra, tetsy Ambohidahy-HCC, ny faha 5 teny Ampasampito ary ny boriboritany faha6 kosa tetsy Ankazomanga . Tsy hijanona hatreo izao hetsika fanadiovana izao fa hitohy hatrany.

***Rajaonarimpanontsana***




*Ny fanadiovana faobe nataon'ny mpanadio tanàna rehetran'ny kaominina.*

Vehivavy tratry ny vorika am-bilany

## Manonofy ratsy isak'alina

Ela ny ela hoy ity vehivavy ity mbola tsy anjarako ny ho faty , fa raha tsy izany aho dia efa razana. Nijoro vavolombelona mantsy ity vehivavy ity: nanam-bady aho hoy izy ary vita mariazy soa amantsara ihany koa. Vao nitoe-jaza anefa aho hoy izy dia tsy salama mihitsy ary afa-jaza foana. Tsy vitan'izany hoy izy, fa manonofy ratsy foana isak'alina ary miafara amin'ny fahafatesako mihitsy. Indray mandeha indray hoy izy dia tsy nahalevon-kanina fotsiny izao fa nibontsina toy ny baolina ny kiboko, nefa tsy zaza akory io. Tsy ireo ihany hoy izy fa maro izay tranga nahazo ahy izay ary efa saika maty foana aho. Soa fa nisy an'i Jessica mpitsabo 03387 395 41 hoy izy satria vao tonga teny aminy aho dia notroiny tamin'ny menaka manokana ny kiboko ary vao nampisotroiny rano manokana aho hoy izy dia nandoa zavatra hafa ary teo no nilazan'ity mpitsabo ity fa mosavy no nahazo ahy. Saika halefany any amin'ny hôpitaly mihitsy aza aho hoy izy fa izaho no tsy nety satria efa sitrana. Nambaran'io mpitsabo io mantsy hoy izy fa tsy manakana olona hanatona hôpitaly mihitsy izy fa manosika ny olona hanatona toeram-pitsaboana mihitsy aza. Nambaran'io mpitsabo io mantsy hoy ity vehivavy ity fa vorika am-bilany no nahazo ahy satria hay nanana olon-tiana ilay vadiko taloha, saingy tsy nety nilaza tamiko. Sitrana tanteraka aho izao hoy izy ary tsy niverina intsony ny aretina nahazo ahy satria efa nahazo fiarovana teny amin'ity mpitsabo ity. Izaho indray aza hoy ity vehivavy ity no manoro izay olona manana olana mba hanatona eny aminy raha marary na sendra olana satria manana fanomezam-pahasoavana manokana ity mpitsabo ity ary tsy mifanipaka velively amin'ny finoana, na firazanana, na volon-koditra fa raisiny avokoa izay tonga mila fahasoavana na fahasitranana ao aminy.

***Ny Akama***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**29/06/19 hatramin'ny 06/07/19**

- **ANDOHATAPENAKA** (Route FDC près station Galana) 020 22 670 70/034 02 670 70/032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **MAHAFALY** (Près Terminus 165 Mahatony Ivandry) 034 10 937 11
- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely près ex cinema Rex) 020 22 547 49
- **RALISON** (Antanimena) 020 22 226 14
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 927-07-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FIAINAM-BAHOAKA

## Mipoitra ho azy ireo mpanefoefo vitsy an'isa

Iaraha-mahalala fa ny 90% ny vahoaka Malagasy dia miaina ao anaty fahantrana avokoa. Izy ireo dia tsy afaka ny ahazo vola mihoatra ny 1 ka hatramin'ny 2 dolara isan'andro. Azo atao avy hatrany ny kajy tsotsotra amin'ny fidirambolan'izy ireo isambolana, fa zara raha mahavelona azy. Fiteny rahateo eto amin'ny firenena aza ary tsy mbola hita ho hiova hatramin'izao sy amin'ny ho avy ny hoe:" ny sakafo anio tadiavina rahampitso". Raha alahatra amin'ireo firenena maneran-tany dia any amin'ny rambondrambony amin'ny laharana amin'ireo firenena mahantra indrindra i Madagasikara.

Tsy mitovy anefa ny fari-piainan'ny vahoaka Malagasy na sokajiana ho mahantra indrindra aza ny firenena. Misy, mazava loatra, ireo mpanefoefo manontany ny ory, migalabona ao anaty fiadanana. Ireo ilay vitsy an'isa 8% raha betsaka amin'ny vahoaka. Anisan' ireo mipoitra ho azy maneho ny fananany harena ka handeha ho any Ejipta hijery baolina. Tsy lavina velively, ilaina ny fanohanana ny ekipampirenentsika any hifandona amin-dry zareo Kongoley. Iaraha-mahita tsara anefa, fa tsy vola kely fa aman-tapitrisany maro ny ilaina amin'ny fandehanana any. Tsy natao velively ho an'ireo 90% vizaky ny fahasahiranana isan'andro izany. Tsy horesahina eto aloha androany hoe taiza ny nihavian'ny harenan'izy ireny, fa anjaran'ny tsirairay ny mijery izany. Ny tiana hosoritana tsotra, dia miha-mitombo hatrany ny hantsana na elanelana manasaraka ny mpanefoefo sy ny valalabemandry eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Porofon'izany izao hita ankehitriny amin'ny fihazakazahan'ireo olom-bitsy mandeha mividy tapakila handehanana fiaramanidina ho any Ejipta izao. Tsy hita ho nampandroso ny firenena ihany koa anefa izy ireo…

***Radafy***

Fanotofana an'i Betsimitatatra

## Barofo no hataon'ny mpitondra

Miseho lany ankehitriny ny barofo ataon'ny fitondrana, nisy ny famoahana didim-panjakana tamin'ny filan-kevitry ny minisitra ny 3 jolay lasa teo, fa ilain'ny fanjakana noho ny asa fanitarana, izay mirazotra amin'ireo ihany koa ny tany, na amin'ny ampahany voakasiky ny tetikasa dia ny fanesorana ireo olona nohon'ny filan'ny fanjakana izany tany izany. Mitaintaina ireo mpamboly vary amin'ny lemak'i Betsimitatatra rehetra iny satria iankinan'ny ain'izy ireo ny famokarana vary amin'iny toerana iny, isan'ireny ny eny amin' ny faritra Ambohitrimanjaka sy Ambohidrapeto, very fanahy mbola velona izy ireo satria dia heno ankehitriny fa ho tonga amin'ny fanotofana izany ny fitondrana ny amin'ny tetikasa izay kasain'izy ireo ho tanterahina. Eto dia apetraka fa tsy misy ny manohana velively ny tsy hanatanterahina izany satria mila mivelatra ary mila alamina tokoa ny firafitry ny tanàna eto an-drenivohitra ary misy ny tetikasa



efa voavolavola hatry ny ela ny tetikasa « Villes Nouvelles » izay eny avaradrano, izay niarahan'ny Ben'ny Tanàna maro sy ireo teknisianina sy injeniera samihafa novolavolaina an-taonany maro, saingy niniana notsinontsinoavina izany ankehitriny.


Ankehitriny ireo tantsaha eny Betsimitatatra maro an'isa dia hanaovana barofo ny fananany, nefa izany dia miantoka tanteraka ny fiainan'izy ireo, tsy hita taratra akory izay mba tambiny amin'ny fakana izany tanimbary izany fa voizina avy hatrany ny hoe « tetikasa ilain'ny vahoaka ». Tsindriana manokana etoana fa tena sarobidy amintsika malagasy ny resaka tany io, izay efa nohamafisin'ny filohan'ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana tamin' ny kabary nataony tamin' ny famoahana ny vokapifidianana ofisialin'ny fifidianana depiote lany teo, fa « tokony ho masimandidy eto amin'ny taniny ny malagasy » hoy ihany izy, toa rano araraka an-damosin'ny gagana fotsiny ihany anefa izany raha ny zavamisy amin'izao hakana an-keriny ny tanin'ny vahoaka izao, izay ataon'ny fitondrana Rajoelina, sy ny ministra mpanatanteraka izany, Hajo Andrianainarivelo.

***Ny Valosoa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 285**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0284)

***Mitsivalana***
- Kolikoly
- Kamory (Miv)
- Matoa (Miv)
- NN – Mbola
- Janoary
- No
- Sokatra

***Mitsangana***
- Kianja
- Orona
- Lot(o) – Nao
- Imamo
- Kambana
- (B)ok(y) – Toro (Miv)
- Oly
- Ampy (Miv) – Rà

### TENY MIFANARAKA N° 285




**Mitsivalana**

**1.** Mandefa eritreritra **2.** Marary saina (Miv) – Tsirin-teny Mpanao **3.** Tampisaka – Renirano malaza **4.** Fivoriambe – Antsibe maro loko (Miv) **5.** Vizana – Mahantra – Tsofoka **6.** Faritra malaza **7.** Hita amin'ny fery (Miv) – Fafa (Miv) **8.** Ilay naterakao **9.** Fizaran-taona (Miv) **10.** Mangata-pitahiana

**Mitsangana**

**A.** Tsy manaiky – Milaza fananana **B.** Raisina **D.** Fanampin'anarana – Ahy sy azy ireo **E.** Litera mitovy – Zava-maitso **F.** Aba – Nivazo (Miv) **G.** Zanaka aman-jafiny **H.** Voankazo – Zanatsoratra telo samy hafa **I.** Mampisafidy – Marina – Lalampirenena **J.** Manao fihaonambe – Fanekena **K.** Hekitara – Mpanjaka (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0284

***Mitsivalana***

1 Fetra – Dago 2. Siny – Nif(y) 3. Naoty – Atao 4. Androany 5. Dorana – TF 6. Ila – Harato (Miv) 7. Nanavotana 8. Avo – TV 9. Na – Indrisy 10. Anao – Rafia

***Mitsangana***

A. Fanadinana B. Navalona (Miv) D. Tsodrano E. Ritra – Io F. Novanoina (Miv) G. Aato – Dr H. An – Atero I. Antitra – If J. Gia – Fantsy K. Mafo (Miv) – Havia

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny fanadiovana faobe nataon'ny Boriborintany miisa 6 teto Antananarivo Renivohitra.**

















